



REPUBLIKANY MADAGASIKARA  
Fivaviana - Fandrosohana - Fandrosohana



REPUBLIKA FAHAEFATRA  
FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHAROA

FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA FAHAROA  
TAONA 2023

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX  
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

**FAMINTINANA NY FIVORIAMBE**

LAHARANA FAHA-278

FANDRAISANA FANAPAHAN-KEVITRA MIKASIKA NY VOLAVOLAM-PANDAHARAM-  
POTOANAN'NY ANTENIMIERAMPIRENENA, MANOMBOKA NY TALATA 5 DESAMBRA  
2023 KA HATRAMIN'NY ZOMA 15 DESAMBRA 2023

Fivoriana faha-6  
Natao ny  
Alarobia 6 Desambra 2023  
- Atoandro -

**FIVORIAMBE**

**FILOHA:** Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona

**MPITANTSORATRA:** - Andriamatoa HENRI Jean Michel  
- Ramatoa RAFENOMANANTSOA Tsirimaharo Ny Aina

**FOTOANA:** Alarobia 6 Desambra 2023, tamin'ny 10 ora sy 55 minitra, atoandro.

**FANDAHARAM-POTOANA:** Fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ny volavolam-pandaharam-potoana manomboka ny Talata 5 Desambra 2023 ka hatramin'ny Zoma 15 Desambra 2023.

Nitohy ny Alarobia 6 Desambra 2023, tamin'ny 10 ora sy 55 minitra, atoandro ny fivorian'ny Antenimierampirenena.

Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona, Filoha no nitarika izany.

Rehefa avy niarahaba ny mpivory Ramatoa Filoha dia niangavy ny Mpitantsoatra mba hanao ny fiantsoana anarana.

Nanatanteraka izany Ramatoa RAFENOMANANTSOA Tsirimaharo Ny Aina.

Rehefa avy nisaotra an-dRamatoa Mpitantsoatra tamin'ny nanatontosany ny fiantsoana anarana, Ramatoa Filoha dia niangavy azy hatrany mba hamaky ny famintinana ny fivorian'ny "Conférence des Présidents" natao ny Talata 5 Desambra 2023 tamin'ny 3 ora sy 15 minitra, tolak'andro; ka toy izao no fivakiny:

**FAMINTINANA NY FIVORIANA NATAON'NY "CONFERENCE DES PRESIDENTS" NY TALATA 5 DESAMBRA 2023**

Nivory ny Talata faha-5 Desambra 2023 nanomboka tamin'ny 3 ora sy 15 minitra, tolak'andro ny «Conférence des Présidents».

Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona, Filohan'ny Antenimierampirenena no nitarika ny fivoriana.

Ireto avy ireo mpikambana ao amin'ny «Conférence des Présidents» sy ny solotenan'ny Governemanta tonga nanantrika izany (cf fiche de présence").

Fiarahabana ireo mpivory rehetra tonga nanantrika izao fivoriana izao no nanombahan-dRamatoa Filoha mpitarika ny fitenenana.

Novakiana avy eo ny Volavolam-pandaharam-potoana tapaky ny Birao Maharitra tamin'ny fivorian'izy ireo ny Talata faha-5 Desambra 2023 tamin'ny 10 ora, maraina.

Taorian'izay dia niroso avy hatrany tamin'ny adihevitra ny mpivory ka niompana tamin'ny hampidirana na tsia ao amin'ny lahadinika ireto lohahevitra dimy (05) ireto ny resaka:

- Ny fandinihana sy ny fanapahan-kevitra mahakasika ny Tolo-pehin-kevity ny "Commission de mise en accusation devant la Haute Cour de Justice".

- Ny «Proposition de Loi n°004-2022/PL relative aux Défenseurs des Droits de l'Homme à Madagascar».
- Ny «Présentation du rapport de la Plateforme de dialogue et de médiation».
- Ny «Proposition de Loi n°001-2021/PL relative à la Nationalité malagasy».
- Ny «Séance des questions au Gouvernement (face à face)».

Nivoitra tamin'ny adihevitra ny tokony hitandroana ny fitoniana (apaisement) amin'izao vanim-potoana lalovan'ny firenena izao, ka tsara raha ahemotra aloha ny fandinihana ireo lahadinika mety hiteraka dika vilana eo amin'ny fiarahamonina.

Tapaka tamin'izany fa ny «Séance des questions au Gouvernement» ihany no hotazonina.

Nolanian'ny «Conférence des Présidents» avy eo ny Volavolan-pandaharam-potoana manomboka ny Alarobia faha-6 Desambra 2023 ka hatramin'ny Zoma faha-15 Desambra 2023 ary hoentina eo anivon'ny fivoriambe ny Alarobia faha-6 Desambra 2023 amin'ny 10 ora, maraina, handraisana fanapahan-kevitra farany.

(jereo ny tovana)

## ORDRE DU JOUR

Pour la période du **Mardi 05 Décembre 2023** au **Vendredi 15 Décembre 2023**

### **MARDI 05 DECEMBRE 2023**

**10H 00:** Réunion des membres du Bureau Permanent -(Salle BP)

**15H 00:** Conférence des Président - (Salle B.P)

### **MERCREDI 06 DECEMBRE 2023**

**10H 00:** SEANCES PLENIERE - (Salle des Séances)

Adoption de l'Odre du Jour

**15H 00:** TRAVAUX DES COMMISSIONS

**Commission de l'Environnement, de l'Ecologie et des Forêts (Saisie au fond) - (Salle B.P)**

- Proposition de loi n°004-2023/PL modifiant certaines dispositions de la Loi n°2015-005 portant refonte du Code de gestion des aires protégées, présentée par Le Député DINAH Romual, Député élu dans le District de Maroantsetra.



**Commission de la Culture, du Patrimoine et de la Promotion Artistique (Saisie au Fond)-**  
(Salle des Séances).

-Proposition de loi n°002-2022/PL portant refonte de la Loi n°94-036 sur la propriété littéraire et artistique, présentée par le Député RAHASIMANANA Paul Bert, élu dans le District d'Antananarivo IV. (2<sup>ème</sup> Lecture).

**Commission du Commerce et de la Consommation (Saisie au fond) - (Bibliothèque)**

-Proposition de loi n°005-2022/PL relative au vol et organisation et de la commercialisation de cacao à Madagascar, présentée par le Député DARKHAOUI Siritis élu dans le District d'Ambanja.

**JEUDI 07 DECEMBRE 2023**

**SEANCES PLENIERES** - (Salle des Séances)

**10H 00:** Election du Vice-Président en charge de la Province d'Antananarivo.

**VENDREDI 08 DECEMBRE 2023**

**A PARTIR DE 10H 00:** Séance des Questions au Gouvernement.

**LUNDI 11 DECEMBRE 2023**

**SEANCES PLENIERES** - (Salle des Séances)

**10H 00:** - Proposition de loi n°002-2022/PL portant refonte de la Loi n°94-036 sur la propriété littéraire et artistique, présentée par le Député RAHASIMANANA Paul Bert, élu dans le District d'Antananarivo IV. (2<sup>ème</sup> Lecture).

**15H 00:** - Proposition de loi n°004-2023/PL modifiant certaines dispositions de la Loi n°2015-005 portant refonte du Code de gestion des aires protégées, présentée par Le Député DINAH Romual, Député élu dans le District de Maroantsetra.

**16H 00:** - Proposition de loi 005-2022/PL relative au vol et organisation et de la commercialisation de cacao à Madagascar, présentée par le Député DARKHAOUI Siritis élu dans le District d'Ambanja.

**MARDI 12 DECEMBRE 2023**

**09H 00: TRAVAUX DES COMMISSIONS**

**Commission Juridique** (saisie au fond)

**Commission des Finances et du Budget** (saisie pour avis)

**Commission de l'Economie et de la Planification** (saisie pour avis) - (salle BP)

- Projet de loi n°022/2023 du 04 Octobre 2023 modifiant et complétant certaines dispositions de la loi n°2018-043 du 13/02/2019 sur la lutte contre le blanchiment de capitaux et le financement du terrorisme.

**MERCREDI 13 DECEMBRE 2023****10H 00** : SEANCE PLENIERE - (salle des séances)

- Projet de loi n°022/2023 du 04 Octobre 2023 modifiant et complétant certaines dispositions de la loi n°2018-043 du 13/02/2019 sur la lutte contre le blanchiment de capitaux et le financement du terrorisme.

**JEUDI 14 DECEMBRE 2023****09H 00: TRAVAUX DES COMMISSIONS**

**Commission Juridique** (Saisie au fond)

**Commission de la Défense Nationale** (Saisie pour avis)

**Commission de la Sécurité Publique** (Saisie pour avis)

**Commission de la Population et de la Protection Sociale** (Saisie pour avis)

**Commission de la Santé Publique** (Saisie pour avis)-(Salle des Séances).

- Proposition de loi n°001-2023/PL sur la protection spéciale des personnes atteintes d'albinisme, présentée par le Député RANDRIANASOLO Jean Nicolas, élu dans le District de Betroka.

**SEANCES PLENIERES** - (Salle des Séances)

**15H 00** : - Proposition de loi n°001-2023/PL sur la protection spéciale des personnes atteintes d'albinisme, présentée par le Député RANDRIANASOLO Jean Nicolas, élu dans le District de Betroka.

**VENDREDI 15 DECEMBRE 2023**

**11H 00** : - CEREMONIE DE CLOTURE DE LA DEUXIEME SESSION ORDINAIRE 2023 DE L'ASSEMBLEE NATIONALE - (Salle des Séances).

**FICHE DE PRESENCE  
CONFERENCE DES PRESIDENTS  
MEMBRES DU BUREAU PERMANENT**

N° d'ordre	NOMS ET PRENOMS	FONCTION
1	RAZANAMAHASOA Christine Harijaona	Présidente
2	RAZAFINTSIANDRAOFA Jean Brunelle	Vice-Président (excusé)
3	NAHARIMAMY Lucien Irmah	Vice-Président (excusé)
4	RAKOTOMANGA Lantoarivola Sedera	Deuxième Questeur

5	RABENIRINA Maminiaina	Troisième Questeur
6	ANGELE Solange	Rapporteur Général

**PRESIDENTS DES COMMISSIONS**

N° d'ordre	COMMISSIONS PERMANENTES	NOMS ET PRENOMS	ENTITE
1	Commission de la Défense Nationale	RICHARD Tsimahalefy Alexandrine	IRD
2	Commission des Affaires Etrangères	RAZAFIMAHATRATRA Daniel Jean Christian	IRD
3	Commission des Finances et du Budget	ANDRIAMIASASOA Doda Nirimboavonjy	IRD
4	Commission de l'Industrie et du Développement du Secteur Privé et des Petites et Moyennes Entreprises	ANDRIAMBELOSOA Heriniaina	IRD
5	Commission de l'Aménagement du Territoire et de la Gestion Foncière	RAHOLDINA Naivo Herinantsoina	IRD
6	Commission de l'Evaluation des Politiques Publiques	JOHASY Eléonore	GPR (excusé)
7	Commission de la Mise en Accusation devant la Haute Cour de la Justice	TSABOTOKAY Honoré	IRD

**PRESIDENTS DES GROUPES PARLEMENTAIRES**

N° d'ordre	GROUPE PARLEMENTAIRE	NOMS ET PRENOMS
1	TIM	RALAMBOZAFIMBOLOLONA Razafitsimalona
2	IRD	VELONTSARA Paul Bert

**REPRESENTANTS DES GROUPES PARLEMENTAIRES**

N° d'ordre	GROUPE PARLEMENTAIRE	NOMS ET PRENOMS
1	TIM	RAMBOASALAMA Emilien

**REPRESENTANTS DU GOUVERNEMENT:**

- RAHALISON Onjaniaina Adolphe, Directeur des Affaires Juridiques du Ministère de la Communication et de la Culture
- RAMINOSOA Arozoa, Directeur de la Législation et du Contentieux, Primature
- ANITTA Léonce, Chef de Service SRI Primature

Rehefa avy nisaotra an-dRamatoa RAFENOMANANTSOA Tsirimaharo Ny Aina, tamin'ny famakiana ny famintinana ny fivoriana nataon'ny "Conférence des Présidents", Ramatoa Filoha dia nanambara fa hiroso amin'ny fanamarihana na soso-kevitra momba izany ny mpivory ary nomeny fitenenana ny Solombavambahoaka.

Nambaran'Andriamatoa RABEKIJANA Solofo Hery tamin'ny fandraisam-pitenenana nataony, fa tokony halamina ihany ny fandaharam-potoana raha jerena satria misy fotoana malalaka ny Talata 12 Desambra 2023. Mandroso soso-kevitra ny tenako raha mety, aleo atao amin'io daty io ny fivoriambe handraisana fanapahan-kevitra mikasika ny Tolo-dalàna laharana faha-003-2019/PL° naroson'ny Solombavambahoaka RAZAFINTSIANDRAOFA Jean Brunelle sy ny Tolo-dalàna laharana faha-001-2019/PL° natolotry ny Solombavambahoaka RANDRIANASOLO Jean Nicolas. Izany hoe, ny iray amin'ireo no hodinihana amin'io daty io satria tery loatra ny fotoana amin'io Alakamisy 14 Desambra 2023 io.

Namaly Ramatoa Filoha, fa amin'io datin'ny Alakamisy 14 Desambra 2023 io no afaka manatrika asam-baomiera sy fivoriambe ny Solombavambahoaka nanolotra ny Tolo-dalàna laharana faha-001-2019/PL°, ny Tolo-dalàna laharana faha-003-2019/PL° kosa azo akisaka amin'io fotoana io, fa ho hita eo ihany ny momba izay soso-kevitra naroson'Andriamatoa Solombavambahoaka teo izay. Raha sendra misy volavolan-dalàna tonga avy any amin'ny Governemanta eo anelanelan'ireo fotoana ireo dia azo raisina ihany.

Taorian'izay, nanambara Ramatoa Filoha, fa nisy taratasy vao tonga avy tamin'ny Sekretera Jeneralin'ny Governemanta voaray amin'izao isika miteny izao, nivantana tamin'Andriamatoa Sekretera Jeneralin'ny Antenimierampirenena, mampahafantatra fa vonona hamaly an-tsoratra ny fanontaniana rehetra hapetraky ny Solombavambahoaka ny mpikambana ao amin'ny Governemanta ny Zoma 8 Desambra 2023 ho avy izao. Taratasy nalefa androany Alarobia 6 Desambra 2023 maraina izany ary voaray amin'izao fotoana izao. Izay raha lazaina ambangovangony ny voalaza ao anatin'ny satria amin'ny teny frantsay no nanaovany azy.

Izany hoe, na tsy ho tonga hanatrika ny fifanatrehana mivantana na ho tonga hanatrika izany ny mpikambana ao amin'ny Governemanta dia hovaliany an-tsoratra ny fanontaniana rehetra hapetraky ny Solombavambahoaka.

Nanao satroka Andriamatoa RABEKIJANA Solofo Hery ary nanambara fa tokony hovaina ny fandaharam-potoana rehefa tsy hisy ihany ny fihaonana amin'ireo mpikambana ao amin'ny Governemanta araka ny taratasy voaray vao teo.

Satroka koa no nataon'Andriamatoa VELONTSARA Paul Bert ary nilaza fa tsy asiana resaka ny momba ny taratasy teo, fa teren'ny Lalàmpanorenana hanao an'io fihaonana io isika sy ny Governemanta. Izany hoe tsy tokony hovaina ny fandaharam-potoana fa aleo ajanona amin'io ihany satria adidin'ny Solombavambahoaka tsirairay no manao tatitra any amin'ny Mpanantateraka momba ny hetahetan'ny vahoaka any aminy. Koa raha tsy manao an'io fihaonana io isika dia hahazo tsiny avy amin'ny vahoaka.



Raha fintinina, mitaona ny Solombavambahoaka mba handany ny fandaharam-potoana izay tapaka tany amin'ny "Conférence des Présidents".

Taorian'izay, nambaran-dRamatoa Filoha, fa hiroso amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra momba ny volavolam-pandaharam-potoana ny Antenimierampirenena ny mpivory.

Nomarihany fa ny andininy faha-90 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena no ampiharina amin'izany.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 41 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ny fandaharam-potoanan'ny Antenimierampirenena manomboka ny Talata 5 Desambra 2023 ka hatramin'ny 15 Desambra 2023.

Talohan'ny hiatoan'ny fivoriana, nampahatsiahy ny fandaharam-potoana manaraka, Ramatoa Filoha, fa hatao ny Alakamisy 7 Desambra 2023 ny fifidianana izay ho Filoha Lefitra hisahana ny Faritanin'Antananarivo. Koa izay Solombavambahoaka manam-paniriana hirotsaka hofidina amin'izany dia afaka mametraka ny antontan-taratasy ao amin'Andriamatoa Sekretera Jeneralin'ny Antenimierampirenena.

Hisy ihany koa anio Alarobia 6 Desambra 2023 amin'ny 3 ora, tola'andro, ny asam-baomiera hataon'ny Vaomieran'ny Tontolo lainana, ny Haivoary ary ny Ala, handinika ny Tolo-dalàna laharana faha-004-2023/PL, ao amin'ny "Salle BP" no hatao ny fivoriana.

Asam-baomiera hataon'ny Vaomieran'ny Kolotsaina, ny Vakoka ary ny Fampiroboroana ny Zavakanto, ato amin'ny "Salle des Séances", handinika ny Tolo-dalàna laharana faha-002-2023/PL. Farany, ny Vaomieran'ny Varotra sy ny Fanjifana, handinika ny Tolo-dalàna laharana faha-005-2023/PL, any amin'ny "Bibliothèque" no hanaovana izany.

Nanentana ny Solombavambahoaka vokasik'izany ny tenany mba havitrika hamonjy ireo fivoriana ireo.

Niato tamin'ny 11 ora sy 15 minitra, atoandro, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Ramatoa Filoha.



RAZANAMAHASOA Christine Harijaona